

# Malahelo sy tezitra be aho rehefa tsy mitranga araka ny itiavako azy ny toe-javatra. Inona no azoko atao?

—Olona manary toky, mipetraka any Québec

## Ry olona manary toky,

Malahelo sy tezitra be daholo isika rehefa tsy mitranga araka ny itiavantsika azy ny toe-javatra. Tsarovy fa tia anao ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy ary maniry ny tsara indrindra ho anao. Afaka manampy anao amin'ireo fihetseham-po saro-bahana Izy Ireo. Ny zava-tsarotra indraindray no mampivoatra antsika indrindra.

Miresaha amina olon-dehibe iray azo itokisana raha toa ka mbola mahatsapa ho kivy hatrany ianao. Avy eo dia andramo ny iray amin'ireto hevitra ireto. Soraty koa ireo hevitrao manokana.

Hilamina ny zava-drehetra.  
*Namana*



## Ny zavatra azoko atao

- Mifoka rivotra mafy dia mivavaka mba hahazo fanampiana.
- Milalao any ivelany na manao zavatra hafa mba hialàna sasatra kely.
- Manoratra na manao sary momba ireo fahatsapako.

- \_\_\_\_\_
- \_\_\_\_\_

## Ny zavatra azoko lazaina

- "Tia ahy sy hanampy ahy ny Ray any An-danitra sy Jesoa Kristy."
- "Mianatra aho izao ary afaka miezaka hatrany."
- "Manao izay tsara indrindra vitako aho izao ary hilamina ny zava-drehetra momba ahy!"

- \_\_\_\_\_
- \_\_\_\_\_